HIASA HO ANAO AHO

# H O  A N ' N Y  H O A V I N A O

TONGAVA MIFIDY **25**

" **MPANANGANA** FA TSY MPANDRAVA **ISIKA** "





# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 3 novambra 2018 | Laharana 834 | Vidiny : **400 Ar**

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Asan' ny Apostoly 2: 38** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 81), 01 novambra 2018

**Tonga ny fotoana nandrasana nandritra ny 9 taona** 2 4

# Ho Filoha Dada N°25 andro sisa isaina





## Distrikan'Ambohidratrimo 2

### Vao maraina be i Neny dia efa nanao propagandy




## Zafilahy Stanislas 2

### Dada N°25 no manana programan' asa matotra indrindra

## Talen'ny seraseran'ny CUA 5

### Kamiao lehibe miisa 10 no anampian'ny CUA ny Samva ho fanalana ny fako

## Jeneraly Noel Rakotonandrasana 5



### Mandalo fotoan-tsarotra ny firenena, ilaina ny fifampidinihana

**Daka kely**

Hody any Maurice sa Dubaï sa Paris izany izao ialahy ry Boaikely ?

### TONGA NY FOTOANA NANDRASANA NANDRITRA NY 9 TAONA

## Andro sisa isaina, ho Filoha Dada N°25

Efa tokony ho lasa lavitra i Madagasikara raha tsy nisy ny fanonganam-panjakàna notarihan'i Andry Rajoelina sy ny forongony ny taona 2009. Maro no latsa-dranomaso rehefa niala tsy fidiny teo amin'ny toerana maha-filohampirenena azy ny filoha Marc Ravalomanana, ka nahatonga azy sy fianakaviany nanao sesitany ny tenany nandritra 5 taona mahery tany Afrika atsimo. Potika ny firenena, kila hotohoto ilay efa natsangan'ny filoha Marc Ravalomanana nandritra ny 7 taona nitondràny. Rava



ilay fanantenana teo amin'ny vahoaka Malagasy efa niandrandra fiainana mamirapiratra noho ny fanapotehana nataon-dRajoelina. Ankehitriny, tonga ity ilay fotoana efa nandrasana, nitoloman'ny vahoaka Malagasy nandritra ny taona maro hamerenana ny filoha Marc Ravalomanana eo amin'ny fitondràna hanarina sy hanangana ny firenena indray. Maro ny fijaliana nihàtra tamin'i Dada sy ny mpomba azy: teo ny fanagadràna, sy fangejana maro samihafa sns… nefa mbola mijoro hatrany izy ankehitriny. Noho izany, kihon-dalana hisian'ny fanantenana eo amin'ny vahoaka Malagasy ny fifidianana ny 7 Novambra ho avy izao ; koa alao hery ary fa ho lany Dada a! Ho Filoha i Dada, andro sisa isaina, tonga tokoa ilay fotoana nandrasana efa ho 9 taona izao. Time is now !!

***Helisoa***

### Distrikan'Ambohidratrimo

## Vao maraina i Neny dia efa nanao propagandy ho fampandresena an'i Dada

Ny distrikan'Ambohidratrimo faritra Analamanga indray omaly tontolo no nanaovan'i Neny Lalao Ravalomanana sy ny mpiara-dia aminy propagandy ho fampandresena an'i Dada N°25. Vao maraina dia efa niainga ny tandahatra fiarakodia maro niaraka tamin'i Neny nanao izay fampielezan-kevitra izay: tao amin'ny tsenan'ny tantsaha Talatamaty, tany Mahitsy, Ampanotokana, ary teny Ivato. Vahoaka sesehena hatrany no niatrika ny delegasiona notarihan'i Neny Lalao Ravalomanana tamin'ireo toerana rehetra nolalovany ireo. Vahoaka nanome toky fa handrotsa-bato ho an'i Dada laharana faha-25 ny alarobia ho avy izao. Nanotrona ny fotoana koa ny depioten'Ambohidratrimo, Mamy Rabenirina, ny ben'ny tanànan'Ivato



Penjy Randrianarisoa sy ny ben'ny tanànan'Ampanotokana. Ankoatra izay, ampy izay ny fampahoriana ny vahoaka nandritra ny 9 taona, fidio ny kandidà laharana faha-25 Marc Ravalomanana ho famerenana amin'ny laonina indray ny fiainam-bahoaka. Nisongadina izany ny talata tolakandro teo, nandritra ny fampielezan-kevitra nataon'i Neny Lalao Ravalomanana tao amin'ny Boriboritany faha-4, niaraka tamin'ny depiote ao amin'ity Boriboritany ity Félix Randriamandimbisoa sy ny talen'ny fampielezan-kevitra Analamanga, kolonely Faustin Andriambahoaka. Nihaona mivantana tamin'ny vahoaka izy ireo tao Anosibe Angarangarana sy Namontana, teo amin'ny kianjan'Anosibe Angarangarana, izay feno hipoka ireo vahoaka tao amin' ireo fokontany ireo nandritra ny fotoana. Nanambara ny depiote Félix Randriamandimbisoa fa efa eny amin'ny fokontany ny kara-pifidianana ka tokony halaina amin'izay. Nopotehana hatramin'ny toetsaina ny teto amintsika nandritra izay 9 taona izay hoy izy, ka hanangana sy hamerina amin' ny laonina an'izany i Dada nomerao 25. Nanentana ny rehetra ho tonga amin'ny faradoboka eny Mahamasina anio sabotsy kosa ny talen'ny fampielezan-kevitra Analamanga, kolonely Faustin Andriambahoaka, iza ary ilay toromarika, Ravalomanana Marc hoy izy! Tsy misy kobaka ambava sy andraso andraso ny an'i Dada nomerao 25, finoana arahin'asa kosa ny an'i Neny Ravalomanana hoy Neny tamin'io fotoana io.

***Helisoa***

### Mpanao fampielezan-kevitra Analamanga

## Kaominina 3 tao Atsimondrano no nanaovany fampielezan-kevitra

Ho loha-laharana hifidy, ireo rehetra hifidy ny kandidà laharana faha-25 Marc Ravalomanana, ny alarobia 7 novambra ho avy izao. Nisongadina izany nandritra ny fampielezan-kevitra nataon'ny mpanao fampielezan-kevitra amin'ny faritra Analamanga teny amin'ny distrikan'Antananarivo Atsimondrano ny alarobia teo. Kaominina 3 ao Atsimondrano no nanaovana fampielezan-kevitra tamin'izany dia ny Kaominina Bongatsara, Andoharanofotsy ary ny Kaominina Tanjombato. Nitarika ny hetsika ho fampandresena ny kandidà Marc Ravalomanana laharana



faha-25 tamin'izany ny talen'ny fampielezan-kevitra amin'ny faritra Analamanga, kolonely Faustin Andriambahoaka, ny depiote voafidy tamin'iny distrika iny, Voahangy Raharimanarivo, sy ireo mpanolotsaainan'ny tanàna amin'ny faritra Analamanga. Vahoaka marobe hatrany no niatrika ny fotoana tamin'ireo kaominina 3 nanaovan' izy ireo fampielezan-kevitra ireo. Harenina sy hajoro avokoa ireo rehetra noravaina hatramin' ny taona 2009 araka ny fanambin'ny kandidà Marc Ravalomanana nomerao 25, hoy ny mpanolotsainan'ny Kaominina Andriamatoa Aina. Fanarenana ny fihariankarena amin'ny faritra ambanivohitra no tena anisan'ny imasoan'i Dada hoy kosa ny talen'ny fampielezan-kevitra amin'ny faritra Analamanga, kolonely Faustin Andriambahoaka, ka izay no handrotsahana ny vato N°25 amin'ny alarobia ho avy izao. Ho tanterahan'ny kandidà Marc Ravalomanana avokoa ireo fanambiny ao anatin'ny Manifesto ary ho takiana aminy ny fanatanterahana an'izany hoy kosa ny depioten'Atsimondrano, Voahangy Raharimanarivo, raha nandresy lahatra ireo vahoaka marobe tany an-toerana izy.

***Helisoa***

### *Ny Valosoa sy fakafaka*

## Tsy hanaiky hitelin-kanina tsy fanta-pototra mazava ny vahoaka Malagasy

Efa hita fa tsy mety izao dia mbola terena ho mety fotsiny izao ary iniana ikimpiana ny fanaovana azy. Toe-tsaina iray hita teo anivon'ny fiaraha-monina io ary niteraka fahasimbana na fahavoazana ary anisany nanapotika ny firenena. Niaraha-nahita ny fomba fiasan'ny fitondrana tetezamita nandritra ny efa-taona mahery. Samy nahalala ny maro, no sady nampahafantarin'izy tomponandraikitra rahateo tao anatin'izany, fa tsy nisy mpamatsy vola ny fitondrana tetezamita kanefa mbola afaka nahavita asa na fotodrafitr'asa samihafa ihany. Tsy mazava izany, satria tsy afa-mihetsika sy tsy afa-manao asa vaventy mihitsy ny fitondrana raha tsy misy ny famatsiam-bola avy any ivelany. Voalaza fa nisy volabe tsy toko tsy forohana nampiasaina tamin'izany fotoana izany ary tena nikirakira volabe tokoa ny fitondrana tetezamita. Vola avy aiza anefa izany? Vola vahiny be no tafiditry ny fitondrana Marc Ravalomanana tamin'izany ary voatahiry tao amin'ny Banky Foiben'i Madagasikara, io no nataon'ireo mpanongam-panjakana notarihan'i Andry Rajoelina ho tantely afa-drakotra tamin'izany. Tsy nisy ny mangarahara teo amin'ny fitantanana ny firenena, fa olom-bitsy no nikononkonona samirery araka ny nahim-pony tamin'izay nanaovana ny harem-pirenena. Nanao ny danin'ny kibony nigalabona tamin'ny harem-be tsy fanta-bahoaka ny fiaviany, ary tiankano tsy tian-kano no nanaovana ny vahoaka tamin'ny fanaovana ireo lazaina ho asan-tanany na dia tsy filàna maika teo amin'ny fiainana andavanandrony aza izany. Iaraha-mahita toy ny vay an-kandrina anefa ankehitriny fa nikorosy hatrany ny firenena nandritra ny fotoanan'ny tetezamita ary nisoka lalina tany amin'ny fahantrana ny vahoaka. Nambaran-dRajaonarimampianina mazava tsara izany, fa firenena potika no noraisiny. Samy izy tomponandraikitra tao anatin'ny tetezamita ihany anefa izany fa tsy olon-kafa tsy mitovy hevitra aminy. Marobe ireo teboka tsy nazava tamin'ny andron-dRajoelina ary mampiahiahy tanteraka.

Ao anatin'izao fampielezan-kevitra izao, miseho ho hahavita ny fanarenana ny firenena nopotehiny nandritra ny nitondran'izy ireo. Maro ireo fampanantenana volana ataony. Ho roboka ve ny vahoaka? Hinia hikimpy na dia hita izao aza fa tsy mety? Hanaiky hitelin-javatra tsy fanta-pototra mazava nokotrehina sy nentina avy tany ivelany tany ve ny vahoaka Malagasy? Hihinankanina ao anaty maizina? Ataovy sanatria…

***Sôh'son***

### Zafilahy Stanislas

## Dada Ravalomanana N°25 ihany no manana programan'asa matotra indrindra

Andro vitsy sisa dia hiatrika adidy lehibe isika dia ny hametrahana fitokisana amin'izay hitondra an' ity firenentsika ity. Tsy azo andrakandramana intsony ity fanarenana ity nosy tanindrazana iombonantsika ity, fa tena latsaka ankaterena tanteraka. Ilana olona tia tanindrazana, mahafantatra, mahay ary mahavita ny fanarenana azy ity. Nandritr'izay iray volana izay dia nihaino sy namakafaka ary nitsakotsako tsara izay nambaran'ireo kandida nifaninana ho filoham- pirenena isika. Tao ny nanao fampandriana adrisa sy fampanantenana poak' aty toy ny mahazatra azy, tao ny mampatory mitsangana milaza izao hatsanga tsy aman' orana rehetra izao. Tao kosa izay nilaza ny programan'asa tsara rafitra sy tsara omana ary azo ampiharina avy hatrany raha vantany vao lany. Nisongadina manokana tamin'izany ny kandida Ravalomanana Marc, laharana faha-25, izay tsy mitsaha-mitombo ny olona manohana sy mametraka fitokisana aminy amin ' ireny toerana andalovany rehetra manerana ny nosy ireny, koa dia fidio Dada N°25. Ankoatra izany, tsy azo ambakaina amin 'ny fisehoana ivelany sy fizarana fitaovana ary lainga tsara lahatra intsony ny vahoaka malagasy, eny fa na ny any ambanivohitra lavitra be any aza. Tsapan'ny malagasy ankehitriny fa tsy azo atao intsony ny manao fahadisoana fanindroany indray ka tsy ho voaharina intsony ity firenentsika ity. Ka manoloana izany dia hita taratra sy mazava ankehitriny fa tapa- kevitra ny vahoaka malagasy ny hametraka ny fitokisany indray amin' ny kandida Ravalomanana Marc laharana faha- 25, hoy ny depiote teo aloha voafidy tany Vavatenina, Zafilahy Stanislas.

***Nangonin'Isambilo***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Laharam-pahamehan'i Dada Ravalo N°25

# Fanasitranana ny maharary amin'ny vahoaka Malagasy

Nanomboka tamin'ny faran'ny herinandro teo dia mamerina ny habibiany indray ny andian' olona nandroba sy namotika fananan'olona tamin'ny taona 2009. Ny olona manao ny "tee- shirt" misy ny sarin'ny kandidà laharana faha-25, mandeha irery no tena lasibatra eto an-drenivohitra. Amin'izao fotoana izao dia ireo mpanafika ireo indray no mandefa somaiso milaza fa hetraketrahan'ny olona ka tonga amin'ilay fitenenana hoe manetsik'heloka. Tokony ho fantatr'ireny olona ireny fa tsy ny fanambatambazana olona amin'ny patsa indraim-bava sy ny fampitahorana ary ny fidarohana no hitiavan'ny olona izay kandidà naniraka satria izany fihetsika izany dia mamerina ao an-tsaina avy hatrany ny loza naterak'ireny fahotàna mahafaty nataon'ireny irak'i satana ireny. Raha izao no mitohy dia manomboka mamporisika ankolafin'olona hankahala ny kandidà laharahana faha-25, Ravalomanana Marc ka hamerina indray ny zavadoza nataony tamin'ny taona 2009 ny kandidà ho filoham-pirenena nanongam-panjakana tamin'izany. Raha ireny kabary atao etsy sy eroa ireny no ao anatin' ilay IEM dia afaka zato taona, raha kely indrindra, vao hitovy amin'ny tanànan'i Miami any Floride, Etazonia i Toamasina. Efa dimampolo sy roanjato taona no nijoro izany Etazonia izany, izay vao toy izao ahitana azy izao ny tanànan'i Miami. Tamin'ny fotoana nitondran-dRavalomanana Marc no efa nisy ny tetikasa nanorenana tanàna vaovao, anisan'izany ny "Grand Tanà" sy ny atrik'asa natao tany amin'ireo tanàna renivohitry ny faritany enina momba ny "PUDI" (Plan d'Urbanisme Directeur Intégré). Ka toa manao kopia amin'izay zavatra rehetra ataon'ny kandidà Ravalomanana Marc ny kandidà mpitarika ny revolisiona lokon-doranjy. Etsy ankilany koa dia mbola mampisotro ronono an-tavy ny vahoaka ihany koa ity kandidà ity izay milaza fa manolotena hampandroso ny firenena, hono, izy. Efa tamin'ny taona 2009 izy no nampanantena fiainana mora ho an'ny Malagasy kanefa fahantrana mihoa-pampana no iainan'ny vahoaka sivy taona aty aoriana ary izy kosa nanorina trano tsy misy toa azy any ivelany any. Heverina fa nofinofy tsy ho tanteraka na ho zato taona aza ny manantena ho filoha tanora indrindra aty Afrika ary heverina fa izany no mahatonga ny fiverenan'ny herisetra amin'izao fotoana izao indray. Mirongatra izay tsy izy koa ny doro-tanety tato ho ato, ka anisan'ny tetikasan'ny kandidà Ravalomanana Marc ny fiarovana ny tontolo iainana. Miteraka fialonana ny "Manifesto"-n'i Dada satria tsy ny fananganana trano mijoalajoala izay tsy ho azon'ny olona rehetra honenana akory no laharam-pamehana ho azy fa ny fanasitranana izay maharary ny vahoaka Malagasy amin'izao fotoana izao dia ny fanafoanana ny fahantrana, famerenana ny fahalemana, fanatsarana ny fahasalamana, sns...

***Andry Tsiavalona***

FANDAHARAN'ANDRIAMANITRA

# Manana adidy hampandany ny laharana 25 isika

Fandaharan'Andriamanitra ny nahazoan'ny kandidà Marc Ravalomanana ny laharana faaha-25, noho izany dia manana adidy isika hampanaja izay sitrapon'Ny Avo izay. Hazavaina ny hevitra. Ny 25 dia fitambaran'ny tarehimarika 2 sy 5. Vao mahita ireo dia tonga ao an-tsaina avy hatrany ny voasoratra ao amin'ny Matio 14-17 sy Lioka 9-13 izay manazava ny mikasika ny hazandrano 2 sy ny mofo 5. Harem-pirenentsika ny hazandrano (2) sy mofo (5). Ampy mizara ho an'ny vahoaka Malagasy ireo saingy mila mpitondra mino an'Andriamanitra sy mandala ny fahamarinana. Ireto ireo harena ireo :

HAZANDRANO 2

1- Ny harena andranomasina: trondro, sira, vatosoa sy volamena ary solika.

2- Ny harena andranomamy: trondro, rano fisotro sy fidiovana ary manondraka ny tany.

MOFO 5

1- Ny Teny Malagasy izay nahafahana nanoratra ny Baiboly sy teny ifandraisan'ny Malagasy rehetra.

2- Ny soatoavina Malagasy izay mifototra amin' ny fanekena an'Andriamanitra sy fandalana ny fihavanana.

3- Ireo harena ambonin'ny tany : zavamaniry samihafa sy biby isankarazany.

4- Ireo harena ambanin'ny tany: volamena, vatosoa, solika, gaz sns…

5- Ny harena fahadimy farany dia ny toetrandro toy ny orana, rivotra, masoandro.

Raha voafehy ireo dia hiteraka tombontsoa mihoa-pampana. Ireo voalaza ireo no Hazandrano 2 sy Mofo 5 mifanaraka tsara amin'ny tarehimarika 25.

Raha ny voalaza ao amin'ny Baiboly dia ampy mizara ny hazandrano 2 sy mofo 5, mbola nahafeno sobika maromaro aza ny ambiny, izay azo adika hoe mbola misy ny ambimbava azontsika aondrana any ivelany. Rehefa mpitondra manam-pinoana sy tia fahamarinana no voafidy, efa nibaribary izany nandritra ny fitondran'i Dada teo aloha.

Isika efa nanankina tamin'Andriamanitra ny fitantanana ny firenena. Mino isika fa avy aminy ny naha laharana faha-25 an'i Dada. Koa arahintsika asa ny finoana efa ananantsika, amin'ny alalan'ny fifidianana ny laharana faha-25, ho voninahitr Andriamanitra sy ho fanavotana ny firenena. Satria mendrika ny hisitraka ny hazandrano 2 sy ny mofo 5 ny vahoaka Malagasy.

***Malama***

Fiatrehana ny fifidianana

# Nofanina ireo mpikambana isaky ny birao fandatsaham-bato

Ho fanamafisana orina ny fahaiza- manao efa nanan'ireo mpikambana mandrafitra ny birao fandatsaham-bato eto amin'ny Distrikan'Antsirabe I dia nisy ny fiofanana nomena azy ireo nandritra ny roa andro ny talata sy alarobia teo. Tonga nanokatra izao fampiofanana izao ny Préfet an'Antsirabe Ramatoa Andriantomponera Voahangy Harimino. Tao anatin'ny kabary fohy izay nataony no nanantitranterany fa ireo mpikambana ao anatin'ny birao fandatsaham-bato no miantoka ny fahatomombanan'ny fifidianana na tsia. Namafisiny fa efa misy ny paikady napetraka hisorohana ny loza mety hitranga mandritra, aoriana ny fifidianana. Mandritra ny telo andro ny faharetan' ny fiofanana ka ny boriboritany Mahazoarivo Avarabohitra sy manodidina ny Gara no nanombohana azy ary ireo boriboritany efatra hafa kosa ny Talata sy Alarobia. Misy fizarana telo lehibe ny fiofanana ka ny voalohany dia ny fampahafantarana ny andraikitry ny mpikambana tsirairay ao anatin'ny birao fandatsaham-bato. Ny faharoa: ny asa atao aloha, mandritra ary aorian'ny fifidianana izay namaranana ny tapak'andro maraina. Ny tapany hariva indray dia fampianarana ny fampiasana ny bileta tokana, izany hoe fampiharana avy hatrany. Efa vonona tanteraka ny Ceni amin'ny fiatrehana ny fifidianana; amin 'izao fotoana izao, alefan'izy ireo mialoha eny amin'ny birao fandatsaham-bato ireo fitaovana araka ny nambaran'ny filohan'ny CED Antsirabe, Andriamatoa Zo Rasoanaivo. Navoitra nandritra izao fiofanana izao fa ho an'ireo olona tsy manana kara-pifidianana nefa manana kara-panondrom-pirenana ka voasoratra ao anatin'ny lisi-pifidianana dia manan-jo hifidy izy ireny ary ireo manana kara-pifidianana kosa fa tsy manana karam-panondrom-pirenena dia mitondra fanamarinana toy ny "ordre de mission" raha mpiasam-panjakana mamita iraka, raha toa ka very kosa dia hoentina ny taratasy manamarina fahaverezana avy any amin'ny polisy. Raha misy ny olana mety mitranga mandritra ny fifidianana dia misy ny laharan-tariby azo ifandraisana dia ny 034 39 388 39 ny Telma, 033 62 346 97 kosa ny Airtel ho an'ny CENI foibe indray dia ny 034 49 606 29 no antsoina. Teto ny Filohan'ny CED Antsirabe I dia nanentana ny mpifidy rehetra mba hanatona ny biraom-pokontany misy azy ka haka ny kara-pifidianany ary nankasitraka ireo tompon'andraikitra isam-pokontany amin'ny fanaterana isan-tokantrano ny kara-pifidianana.

***Solohery***

## NY TENY FIAINANA

***Romana 12 : 14***

*Misaora izay manenjika anareo ; misaora, fa aza manozona.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Nanao ady hevitra tao amin'ny RNM Dada N°25 omaly tamin'ny 5 ora hariva




**Arp Helisoa :** nanao ady hevitra tao amin'ny RNM Dada N°25 omaly tamin'ny 5 ora hariva.

**Liah Rahary :** Ok, hafa ihany i Dada miady hevitra, manana hevitra, mampihomehy, mahasarika ny fihainoana azy,...

**Bakoliarisoa Andriamiseza :** alefa Dada an. zahay maka anao. 1 er tour dia vita e !

**Lala Yves Randrianantenaina :** zahay taty Moramanga naheno tsara, tao tsara Pdt Marc Ravalomanana, 1er tour io dia vitany e !

**Rasolo Cla :** Dada ndray Tonga dia mahitsy fiteny zay, niavaka izy tamin'ny ady hevitra sy ny valim-panontaniana, hanarina ny RNM sy TVM nodoran'ny mpanongam-panjakana izy.

**Odette Lisinirina :** hajoro tokoa ny RNM sy ny TVM nodoran'ny sasaany, na izany aza, hamafisina ny fifaninanana eo amin'ny haino aman-jery tsy miankina.

**Fenohanitra Tianasoa :** alefa dada an, miandry ny ady hevitra amin'ny TVM mivantana indray anio amin'ny 5 ora hariva, hifanatrehany mivantana amin-dRajoelina mpanongam-panjakana raha ho sahy hiatrika azy ao iny.

**Eric Blacko :** OK dada, 1er tour io dia vitanao, ao aorianao ny vahoaka, ianao ihany no nahatsidika hatramin'ny fokontany madinika tamin'ny propagandy teo.

**Erick Rakotonoely :** niavaka Pdt Ravaloamanana tamin'ny fanontaniana rehetra napetraka tamin'ny fandaharana.

**Liva Randria :** Josée kely no tao, dia Ny Rado Rafalimanana dia Profesora iray kandidà izay.

**Erick Rakotonoely :** Mr6 pour l'info, Dada N°25 ihany ny antsika ny alarobia tsy miverina 7 novambra izao.

## TONONKALO

### Fidio Ravalomanana

Migadona ny adidy
Fa andro vitsy sisa
Dia hiatrika safidy
Ny Gasy an-tapitrisa

Ra'toa ka sitrakao
'Ndao hifandray ny tanana
Entanina ary ianao,
Fidio Ravalomanana

Ny maha-maika antsika,
(Toa zary velirano),
Tsy ady politika,
Fa asa vadi-drano

Ny asa fampianarana,
Sy trano fitasaboana,
Atao voalohan-daharana,
Tsy maintsy imasoana

'Reo ara-toe-karena,
Fanao ambetin-teny,
Ravalo no ekena
Hanarina an'ireny

Ravalo'lay masoandro,
Mamiratra eto an-dasy,
Manaja sy mitandro
Ny maha-Malagasy

Ho foana ny kabary,
F'izao no tian-kambara,
Ho Nosy lavorary,
I Madagasikara

Na oram-be mitraho,
Henoy ny mpianakavy,
Ny vato no alatsaho
Ho santatry ny ho avy

Hifidy ianao anio,
Ny mendrika tohananana,
Ny hiaka dia izao,
Fidio RAVALOMANANA

***Isaac ANDRIAMADY***
***(Novambra 2018)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny kandidà Marc Ravalomanana, tany Itasy sy Vakinankaratra ary Bongolava.









Neny Ravalomanana nanao fampielezan-kevitra ho fampandresena an'i Dada tamin'ny kaominina maromaro tao amin'ny distrikan'Ambohidratrimo.












## Asan'ny Apostoly 2: 38

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 81), 01 novambra 2018

***Asan'ny Apostoly 2: 38 Mibebaha, ary aoka samy hatao batisa amin'ny anaran'i Jesosy Kristy ianareo rehetra mba hahazo famelana ny helokareo; ary ianareo handray ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina.***

Aty am-piandohana dia tiako ny milaza aminareo manaraka izao FAMPIANARANA izao fa ny FANAHY MASINA dia FANOMEZANA sady tsy vidiana, tsy atakalo, tsy misy tambiny koa. Rehefa vita ary ny fibebahanareo ka voavela ny helokareo dia indro mitohy ny ASA ary anjaran'i JESOSY indray ny manaraka. Ny FANAHY MASINA dia aza hadino fa miantoka ny zava-drehetra ambany masoandro. Inona moa no maha olombelona anareo? Genesisy 2: 7 : ary vovon-tany no namoronako JEHOVAH anareo olombelona, ary dia nofofoniko fofon'aina mahavelona ny vavoronareo izay vao olona. Izany hoe : ny fofonaiko JEHOVAH no maha-olona ary tsy misy olona velona raha tsy misy ny fofon'aiko : Io Ilay FANAHY MASINA, marina sady madio. Marina ny teninareo manao hoe : Ny Fanahy no maha-olona. Noho izany, io Fanahy io no manavaka anareo sy ny maha-olona anareo. Tsy maintsy mandalo ireo dingana rehetra takiana mba tsy ho voafitaky ny fanahy ratsy izay efa miparitaka eo amin'ny tany misy anareo. Vakio tsara izao : Asan'ny Apostoly 1: 5[b] : fa hianareo kosa hatao Batisa amin'ny Fanahy Masina rehefa afaka andro vitsivitsy. Mandeha ambaratonga toy izany ny Batisa arak'izay efa nambarako taminareo. Amin'izao vanim-potoana izao dia tokony mbola ho hita sy miasa eo aminareo ireo Batisa dimy ireo. Saro-pady loatra ity fampianarana ity, hany ka tsy eken'ny Fiangonana sady mampahatahotra ny mpino ary mampihomehy an'ireo izay mbola tsy tafiditra ao amin'ny FANJAKAKO. Averiko aminareo mpamaky sy mpihaino indray. Anjara asan'i JESOSY ny manao Batisan'ny Fanahy Masina. Marka 1: 8. Ary tsy maintsy atao izany hianareo fa Teny Fikasana izany. Lioka 3: 16 *"dia namaly Jaona ka nanao tamin'izy rehetra hoe: Izaho manao batisa anareo amin'ny rano, fa avy Izay mahery noho izaho, ka tsy miendrika hamaha ny fehin-kapany aza aho; Izy no hanao batisa anareo amin'ny Fanahy Masina sy ny afo."* Ny dikan'izany dia izao : fanavahana amin'ny andro fitsarana, sambatra izay vita Batisan'ny Fanahy Masina amin'izao andro izao, marina fa ho avy ny fotoana hasiana tombo-kase hianareo, fa izay efa vita amin'izao vanin'andro izao dia efa misy tombo-kase ary dia tokony hitandrina mafy sy mitahiry izany. Hoy ny, Apokalypsy 13: 16-17 *"Ary ny olona rehetra, na ny kely na ny lehibe, na ny manan-karena na ny malahelo, na ny tsy andevo na ny andevo, dia ampandraisiny marika eo amin'ny tànany ankavanana na eo amin'ny handriny avokoa, mba tsy hisy hahazo hividy na hivarotra, afa-tsy izay manana ny marika, dia ny anaran'ny bibi-dia, na ny isan'ny anarany."* Jaona 1: 33 *"Ary izaho tsy nahalala Azy; fa Izay naniraka ahy hanao batisa amin'ny rano no nilaza tamiko hoe: Izay ho hitanao idinan'ny Fanahy sy itoerany, dia Izy no Mpanao batisa amin'ny Fanahy Masina."* I JAONA tsy nahalala an'i JESOSY raha tsy nahita ny FANAHY MASINA miendrika voromailala nitoetra teo amboniny, ary izy no nanambara ny momba an'i JESOSY sy ny Asany. Tamin'izany ny Fanahy Masina dia hitan'i JAONA maso toy ny voromailala fa ankehitriny dia apetraka ao anatinareo fa IZY Ilay Fanjakana. Ny antony anomezana anareo izany dia midika fa ao anatinareo i JESOSYary ny Fariseonanontany an'i Jesosy hoe : rahoviana no ho avy ny andro izay ihavian'ny FANJAKAKO JEHOVAH. Hoy JESOSY namaly Lioka 17: 20-21. Tsy misehoseho ny fihavian'ny Fanjakan'i JEHOVAH ary ny olona tsy hanao hoe indro ety na ery fa ao anatinareo izany. Ny Batisan'ny FANAHY MASINA dia Fanjakana ao anaty. Io Fanahy Masina io dia tokana, Marina, miasa, nalatsaka avy aty ambony ary izay avy nibebaka irery ihany ka voavela heloka avy amin'i JESOSY no omena ny Fanahy Masina mba handehanana araka ny Fanahy, Galatiana 5: 16-18 *"Fa hoy izaho: Mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filan'ny nofo ianareo. Fa ny nofo manohitra ny Fanahy, ary ny Fanahy manohitra ny nofo; ary mifanohitra izy roroa, mba tsy hahazoanaroeo manao izay zavatra tianareo. Fa raha tarihin'ny Fanahy ianareo, dia tsy mba ambanin'ny lalàna."*. Izay manana ny Fanahy Masina ao anatiny ihany no mahatohitra ireo asan'ny nofo mameno ny tany. Izany no antony anomezana ny Fanahy Masina anareo. Indrindra koa dia ny mba hananganana ny FANJAKAKO JEHOVAH ho hita maso amin'ny fotoana, fa tsy ho ela dia ho tonga ny ady ara-panahy eo amin'ny tany misy anareo ankehitriny. Asa avy aty ambony no ataon'izay manana ny Fanahy Masina, baiko avy aty ambony no arahina ary Fanjakan'ny Lanitra no atsangana. Ny anton'ny anomezana ny Fanahy Masina koa dia ny mba ho iray ihany ny Fanjakana dia milamina ny tany fa izany no TANJOKO JEHOVAH sy ny namoronako azy. Ho any amin'izany Isika ry mponin'ny tany, amin'ny alalan'ny fananareo ny Fanahy Masina izay ao anatinareo no hahatanteraka ny Fanjakako ary izany ilay atao hoe : FAHATERAHAM-BAOVAO, Jaona 3:3 *"Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: Raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy mahazo mahita ny fanjakan'i JEHOVAH Andriamanitra."*. Izany dia midika fa tsy tafiditra ny Fanjakako raha tsy manana ny Fanahiko. Andininy faha-5-6. Hoy JESOSY : raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy dia tsy mahazo miditra ny Fanjakako JEHOVAH. Izay ateraky ny nofo dia nofo ary izay ateraky ny Fanahy dia Fanahy, izany hoe : raha tsy mandalo Batisan'ny Rano sy mandray ny Fanahy Masina ary atao Batisan'ny Fanahy hianareo tsy vaovao indray. Ateraky ny rano = Batisan'ny Rano, tafatsangana. Ateraky ny Fanahy = tafiditra ao anaty Fanjakana. Aoka hahalala izay zavamiafina izany hianareo, Jaona 3: 11 *"Izay fantatray no lazainay, ary izay hitanay no ambaranay; nefa ny fanambaranay tsy raisinareo."*
Mbola hitohy
Amen! Haleloia!
JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## TALEN'NY SERASERAN'NY CUA

# Kamiao lehibe miisa 10 no anampian'ny CUA ny Samva ho fanalana ny fako

Hiàla ireo fako mivangongo mameno tanàna ary hisy fiovàna tsy ho ela ny eto an-drenivohitra. Ankehitriny dia misy kamiao lehibe miisa folo (10) avy amina olon-tsotra, olona vonona ifanome tànana amin'ny kaomina Antananarivo Renivohitra (CUA), ary nanolotra ireo fiara lehibe ireo. Efa miasa amin'izao fotoana izao izy ireo manao tantsoroka amin'ny Samva ary misy ny fandrindrana asa eo amin'izy ireo. Tsy voafetra ihany koa ny fotoana ampiasàna azy ireo. Tsy fotoanan'ny fifanomezantsiny intsony izao, hoy Andriamatoa Raharivelo Tiana Harilaza, talen'ny serasera eo anivon'ny kaomina Antananarivo Renivohitra (CUA), fa ndao hiarahientana ho amin'ny fanarenana ny tanàna ka tokony hifanome tànana isika. Nentaniny ihany koa ny mponina mba hanaja ny ora fanariampako izay efa misoratra eny amin'ireny toerana fanariam-pako ireny, amin'ny 5 ora hariva ka hatramin'ny 8 ora alina ny ora fanariam-pako eto an-drenivohitra. Tokony hajaina ihany koa ny toerana misy ireo daba lehibe fanariam-pako fa tsy ariana eny ivelany rehetra eny ny fako. Raisintsika ho antsika tokoa ny tanàna ka dia samy tsy hisy hanariany fako eny rehetra eny fa samy handala ny fahadiovana ny rehetra.



*Ny talen'ny serasera ao amin'ny CUA.*

***Aris***

## TIM Boriboritany faha-3

# Nanome Tanana ny CUA, nizara sakafo tamin' ny olona sahirana miisa 300 teo

Olona 300 mahery no nizarana sakafo tamin'ity herinandro ity, tetsy amin'ny Boriboritany fahatelo Ankazomanga. Hetsika fampisakafoanana ireo zokiolona sy olona sahirana teo anivon'ny fokontany izay miisa 34, izay nokarakarain'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), fiaraha-miasa tamin'ny Antoko TIM (Tiako i Madagasikara). Izao hetsika izao dia tafiditra ao anatin'ny programanasan'ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana amin'ny fanatsarana ny Sosialim-bahoaka eto an-drenivohitra. Ny tanjona tamin'izao hetsika izao dia mba ho fitsinjovana ireo mpiara- belona sahirana tamin'ny alalan'ny fampisakafonana azy ireo: vary sy laoka, trindrin-tsakafo. Mbola hitohy izao hetsika izao na dia efa nisy foana aza hatramin'izay. Niatrika izao hetsika izao ny Solombavambahoaka Mamy Rajaonson, ny mpanolotsaina Monisipaly ao amin'ny Boriboritany faha-3, ny Filohan' ny DISTIM, ny Filohan' ny tanora TIM, ary ny Vehivavin'ny TIM amin'ny Boriboritany fahatelo.



***Aly***

## Jeneraly Noel Rakotonandrasana

# Mandalo fotoan-tsarotra ny firenena, ilaina ny fifampidinihana

Misy fotoana hanginana, misy fotoana hitenenana hoy ny jeneraly Noel Rakotonandrasana, nitafa tamin'ny mpanao gazety omaly, tetsy amin'ny Restaurant Telozoro Andrefan'Ambohijanahary. Nambarany tamin'izany fa mandalo fotoan-tsarotra ny firenena amin'izao fotoana hiatrehana fifidianana izao, ahiana ny korontana hoy izy, noho izany ilaina aloha ny fifampidinihana, hametrahana rindran-damina tsara mialohan'ny hanatanterahana fifidianana mba tsy hisian'ny korontana, tokony hahemotra kely noho izany ny fifidianana hoy izy. Momba ny fifandraisany amin'ireo kandidà heverina ho goavana amin'izao fotoana, tamin'ny taona 2010 izy no nihaona farany tamin'i Andry Rajoelina ary tsy intsony ny fihaonana teo amin'izy ireo hatramin'izao. Nanambara ny jeneraly Noel fa tsy manana olana amin'ny kandidà Marc Ravalomanana, tsy manana olana koa amin' ny kandidà Hery Rajaonarimampianina. Misy amin'ireo kandidà filohampirenena hoy izy no miresaka zavatra tsy ho tanteraka, tsy ilana drone iy zany ny ady amin' ny tsy fandriampahalemana hoy izy, fa ny fandrindrana tsara ny asan' ny mpitandro filaminana, ny ministeran'ny atitany ary ny fitsarana dia hahavitana io ady amin'ny asan-dahalo io. Ankoatr' izany, tsy ny fahabetsahan'ny mpanatrika fampielezan-kevitra no hahalany kandidà iray fa zaran'ny olona aza hoy izy mijery fampisehoana bôjy, ka tsy azo handrefesana ny ho isan'ny mpifidy ny fampielezankevitra miaraka amin'ny artista.



***Isambilo***

### ADY AMIN'NY KOLIKOLY

## Nofanina ireo mpanentana amin'ny radio

Mpiara-misalahy manomboka izao ny ekipan'ny Bianco ao Antananarivo sy ireo haino aman-jery ary ireo mpanentana fandaharana aty Antsirabe-Vakinankaratra. Nisy ny fampiofanana sy fanatevenam-pahalalana mahakasika ny ady amin'ny kolikoly no nifampizaran'ny ekipan'ny Bianco avy any Antananarivo ho an'ireo mpanentana eny anivon'ny haino aman-jery miankina sy tsy miankina amin'ny fanjakana eto Antsirabe. Tao amin'ny efitrano malalaky ny Faritra Vakinankaratra no nanatanterahana izany. Nampahafantarina teto ny didy aman-dalàna mifehy ny ady amin'ny kolikoly eto Madagasikara sy ireo dingana narahiny. Nofantarina teto ihany koa ny fivoaran'ny tahan'ny ady amin'ny kolikoly nanomboka tamin'ny taona 2004 nipetrahan'ny rafitra Bianco ": Birao mahaleotena ladiana amin'ny kolikoly" mandraka androany. Tao anatin'izay vanim-potoana izay dia efa maro ny ezaka natao, mbola tsy mahafapo anefa ny vokatra. Izany indrindra no anton' izao fampiofanana ny mpanentana amin'ny haino aman-jery izao mba hanamafisana ny "fanabeazana sy ny fisorohana" ny ady amin'ny kolikoly. Nazoto sy navitrika ireo mpandray anjara tamin'ny fiofanana ary ny rehetra dia samy resy lahatra fa tokony hamafisina ny ady amin' ity fanetriben'ny firenena ity, mba hirosoana amin' ny fampandrosoana. Izao hetsika izao dia mirindran-dalana amin'ilay hetsika lehibe ho tanterahina eto Antsirabe Vakinankaratra ny fanamarihana nasionaly ny andro manerantany hiadiana amin'ny kolikoly, izay hatao ny 8 desambra izao. Tsara hatrany ny manamarika fa 09 desambra ny andro manerantany ho an'ny ady amin'ny kolikoly fa noho izy mianjera andro alahady dia naroso 8 desambra ny fankalazana.

***Solohery***

### Fort-Dauphin

## Miha-maro ny mpangataka amoron-dalana

Miha-maro ny mpangataka amoron-dalana any Fort-Dauphin. Mampametra-panontaniana ny mponina any Fort Dauphin ny fisian'ny tambazotra miaro sy miahy ny ankizy mpirenireny. Ankizy manodidina ny 5 ka hatramin ny 14 taona. Saika zanak'olona tsy manan-katao sy mafy ady avokoa izy ireny. Lasa fahazarana ny mitokona manao omeo amin'ireo mpivarotra hani-masaka. Tsy afa-mianatra intsony noho ny tsy fisiana. Rehefa tsy afapo tsy mahita rirany, matetika any amin'ny fangatahana amoron-dalana no ataony, hitadiavana vetivety hanin-kohanina. Voron-kitsay ny fitafiana. Dia mitombo andro aman' alina ireo mpameno arabe. Ny 26% ny ankizy mpangataka, zanaka mpangataka ihany koa . Toa ifandovana ny asa atao. Amin'ny maha ankizy mpangataka azy ireo, mazana tsy antsitra-po no anaovany izany fa ny ray aman-dreny no maniraka azy hanao ity asa ity. Omeo, omeo etsy sy eroa no iafarany. Mahakasika ny asan'ireo Ong, toa zary natao tetikasam-pitadiavana harena fotsiny. Amin'ny ankapobeny, tsy hita mivantana ary tsy mbola azo tsapain-tanana ny vokatry ny ezaka ho amin'izay fiarovana sy famerenana indray ireo kolonga mpirenireny amin'ny tontolon'ny fiaraha-monina tsara rindra izay. Hatreto dia rano atondraka gana fotsiny ny vola sy fitaovana azo tamin'ireo Ong vahiny sy fikambanana mitonona ho mpiaro ny zon'ireny ankizy ireny. Mila arahi-maso.

***Mangarahara***

### Antsirabe

## Notsofin-drano ny fisokafan'ny sekoly Nicolas Barré

Notsofin-drano ny faran' ny herinandro teo ny sekoly Nicolas Barré Ambohimena Antsirabe, izay tantanan'ny fikambanan-dry Masera «Soeurs Enfants Jesus-Providence de Rouen". Ho fitondrana am-bavaka ny faha-55 taonan'ny nahatongavan'ny « Soeurs Enfants Jesus-Providence de Rouen" teto Madagasikara dia nisy ny sorana masina lehibe ho fanamarihana izany ny sabotsy lasa teo ka teo no nitsofan-drano ny sekoly izay eo ambany fitantanan'izy ireo dia ny "Institution Nicolas Barré" Ambohimena Atsimo. Notsongaina manokana nandritra ny Sorona Masina ny bokin'ny Efisianina toko 4: 7-16 sy ny Evanjely nosoratan' ny Md Lioka toko 13: 1-9 izay nanantitrantitra fa ilaina ny faharetana amin'ny zavatra rehetra izay atao. Samy manana ny anjara andraikiny manandrify azy ny tsirairay ao anatin'ny tontolon'ny fanabeazana dia ny Mpanabe, sy ny Ray aman-dReny ary Mpianatra. Tao anatin'ireo fandraisam-pitenenana nifandimbiasana dia samy nanambara fa ny Mpianatra no antoky fampandrosoana ny Firenena ary indrindra ho reharehan'ny Faritra nihaviany. Zava-dehibe ho an'Antsirabe ny fanana sekoly lehibe tahaka izao satria dia mitombo isa ny zaza hiditra antsekoly, sekoly isan'ny sangany raha ho an'ny faritra Ambohimena iny ity na dia vao haingana aza ny nisokafany. Marihina fa efa telo taona izao no niorenan'ity sekoly ity, ka maro ireo Ray aman-dReny mampianatra ny zanany ao raha efa ahitana mpianatra miisa 500 izy amin'izao taom-pianarana miditra 2018-2019 izao. Saika misongadina hatrany ny sekoly katolika amin'ny lafiny fampianarana raha ny eto Antsirabe no jerena.

***Lezama***

Dokam-barotra
NY VALOSOA VAOVAO
Tel. 034 79 076 00

### Kandida Ravalomanana N°25

## Mbola tena ankafizin'i Vakinankaratra tanteraka

Nihaona tamin'ny vahoakan'i Vakinankaratra tao ntsirabe indray omaly ny kandidà laharana faha-25 Marc Ravalomanana, fenjo hipoka tanteraka ny kianjan'ny fahaleovantena ao Antsirabe omaly io, nanomboka teo amin'ny Gara nisy ny lampihazo ka hatreny amin'ny tsangambato. Vahoaka an'alinkisa no niatrika an'i Dada tamin'izany. Mialohan'ny tao Antsirabe tany Faratsiho, Vinaninony Atsimo,… izy. Ankoatra izany, nafana hatrany ny fampielzankevitra hoan'ny mpanohana ny Kandidà Marc Ravalomanana, laharana faha 25 any amin'iny faritra Vakinankaratra iny. Hatreto aloha dia azo lazaina fa mbola izy no mitarika amin'ny hetsika eran'i Vakinankaratra raha ny fampielezan-kevitra sy ny fankafizan'ny olona azy no jerena. Saika hipoka olona hatrany mantsy ny toerana alehan'ireo mpomba azy na dia tsy mbola miaraka amin'izy ireo aza ny Kandida Marc Ravalomanana. Raha tsiahivina dia nandritra ny herinandro no nitety faritra maro teto Vakinankaratra ireo mpikambana KMMR sy ny teo anivon'ny aantoko Tiako i Madagasikara (TIM) nanao fampielezan-kevitra. Ny alatsinainy ohatra dia tao Betafo izy ireo ary nitohy tany Ambositra sy Mandoto ary Ambohibary, Ambatolampy, Magro Antsirabe. Hipoka hatrany ny kianja hafa-tsy ny tao Ambositra izay nifandiso tamin'ny fandaharam-potoanan'ny olona tany antoerana izany. Hatreto dia vao ny kandida miisa 16 ihany amin'ireo 36 no mbola ahitana afisy aty Vakinanakaratra, izay eny an-tanàn-dehibe ihany aza no hisian'izany, fa ny any ambanivohitra dia kandida roa ihany no malaza dia ingahy Rajoelina sy ny filoha Marc Ravalomanana. Mahagaga ny olona aza ny fahafantarana fa 36 ny kandida kanefa tsy fantatry ny maro ny sarin'ireo sasany.

***Lezama***

### Faritra Vakinankaratra

## Manome vahana ireo lalam-pihariana laharam-pahamehana

«Tantsaha mitodika amin'ny tsena, manana vokatra tsara kalitao», ny tetikasa ho tanterahan'ny Faritra Vakinankaratra amin'ity taom-pambolena ity, izany dia fampiroboroboana lalam-pihariana laharam-pahamehana 04 toy ny katsaka, soja, ronono ary ny Compost na ny «otri-jezika». Tonga teny ifotony nifampidinika tamin'ireo tantsaha mivondrona ao anaty fikambanana ny talen'ny kabinetran'ny Lehiben'ny Faritra Andriamatoa Ramarijaona Andrianjafy. Avo dia avo ny filàna ho an'ny faritra Vakinankaratra raha eo amin'ny fambolena katsaka sy soja, noho ny fiaraha-miasan'ny faritra amin'ireo orinasa vaventy mitady ny vokatra araka ny nambaran'Andriamatoa Andrianjafimiarantsoa Ramarijaona lehiben'ny kabinetran'ny Faritra. Noho izay fidirana amin'ny sehatra matihanina izay dia misy ny fepetra takiana amin'ireo tantsaha mpamboly mba hahatonga ny vokatra hanana ny kalitao tsara. Velaran-tany mirefy 1ha fara-faha keliny no hambolena. Tsy azo atao ny mampiasa zezika simika, ka ny zezika compost no ampiasaina. Mampiasa masom-boly manara-penitra ary manaraka ny torohevitra omen'ireo teknisianina ny fambolena. Napetraka ireo fepetra ireo mba hanamora ny fanaraha-maso sy hanatsarana ny vokatra azo hanatrarana ny tanjona. Kaominina 4 ao anatin'ny Distrikan'i Betafo hatreto no efa nahavitana ny dinika dia ny kaominina Mandritsara, Antohobe, Andranomafana ary Antanimandry. Navitrika ireo mponina sy fikambanana mivondrona ka tonga maro nihaino ny diniky ny fampandrosoana. Velom-bolo arak'izany ireto farany noho ny fisian'ny tsena vaovao ary marin-toerana hatrany ny vidiny. Nisaotra ny avy ao amin'ny Faritra ny solontenan'ireo ben'ny tanàna nahazo tombontsoa tamin'izao sahan'asa izao , nisolo tena azy ireo ny Ben'ny tanàna ao Mandritsara Rakotondranaivo Roger. Mandritra ity fotoam-pambolena ity dia omena maimaimpoana ireo tantsaha ny masomboly ary ny fanaraha-maso ny fambolena kosa dia iaraha-miasa amin'ny ministeran'ny fambolena sy ny fiompiana. Mbola hitohy ny dinika ka hiitatra any amin'ireo distrika hafa ato anatin'ny faritra Vakinankaratra.

***Solohery***

## SARIITATRA: Henjana be Ravalo N°25



## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**27/10/18 hatramin'ny 03/11/18**

- **METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71
- **ANTANIMENA** (Imm Santa Antanimena, près Chocolaterie Robert) 020 22 200 00/032 56 914 77
- **ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy près Epi d'or) 020 22 245 12
- **MIARO** (Galerie ARO Ampefiloha) 020 22 621 18
- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 020 22 224 70

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 834-11-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**EDSP MAHAJANGA**

# Nandray fikaonandoha iraisam-pirenena mahakasika ny kajy mirindra

Maro amin'ireo mpampiasa irony karazana tambazotran-tserasera irony no tsy mahafehy azy ireny. Mandefa teny diso na tsy voahevitra, mamoaka sary tsy faseho masoandro, manevateva olona sy ny maro hafa tsy voatanisa. Noho izany zava-misy izany dia nikarakara fikaonandoha iraisam-pirenena (Colloque International) andiany voalohany mahakasika indrindra ny kajy mirindra sy ny nomerika (numérisation) ny sampam-pianarana EDSP (Ecole de Droit et Science Politique) ao amin'ny Oniversiten'i Mahajanga. Notontosaina izany ny talata sy ny alarobia teo tao amin'ny Grand Amphi Ambondrona. « Les défis générés par la numérisation » io no lohahevitra nosafidin'ny mpikarakara tamin'ity andiany voalohany ity. Hoentina indrindra hanabeazana sy hampianarana ny olona mahakasika ny tontolon'ny tambazotran-tserasera. Nosafidiana manokana io lohahevitra io hoy ny talen'ny EDSP, Ramatoa Loulla Chaminah satria mirongatra be ny olona mampiasa ny tambazotran-tserasera nefa ny ankamaroan'izy ireny tsy mahafantatra akory ny lalàna mifehy azy io. Nandrasana taorian'izao fikaonandoha izao ny mba hitomboan'ny olona mahafantatra ny zony sy ny lalàna ary ny adidin' ny tsirairay amin'ny fampiroborobona ny kajy mirindra sy ny nomerika. Tonga nanokatra ity fikaonandoha iraisam-pirenena andiany voalohany ity ny Lehiben'ny Faritra Boeny, Saïd Ahamad Jaffar amin'ny maha tompon'andraikitra ny fampandrosoana ny tenany. Tamin'izany indrindra no nilazany fa « zava-dehibe eo amin'ny lafiny fampandrosoana ny fahaizana misintona tombontsoa amin'ny fidirana amin'izao vanin'andron'ny kajy mirindra izao. Teraka niaraka tamin'izany ihany koa anefa ireo fandikan-dalàna maro isan-karazany. Koa enga anie hoy izy ka hisy vokany tsara ny fifanakalozan-kevitra ho tanterahina mandritra izao fikaonan-doha izao ». Nandray anjara tamin'izao fikaonan-doha izao ireo manampahaizana mpahay lalàna avy any ivelany sy ny avy eto an-toerana, ireo mpampianatra mpikaroka avy amin'ny Oniversiten'i Mahajanga ary ireo mpianatra.

***Aly***



*Ireo mpandray anjara tamin'ny fikaonandoha tany Mahajanga.*

Ibity

# Nojerena ny fandrosoan'ny asa amin'ny ZIA


Nidina ifotony nijery ny fizotry ny asan'ireo tantsaha mpisitraka ny tetik'asa ZIA: Zone d'Investiment Agricole, ny avy eto anivon'ny Faritra Vakinankaratra dia ny tale miadidy ny fampandrosoana Andriamatoa Rakotoaraivelo Rivo Herindray sy ny tale miadidy ny Lafitany Ramatoa Ramahandriaviro Fanja. Raha ny hita tany an-toerana dia efa vonona tanteraka ireo tantsaha mpikambana ao anatin'ny Fikambanana Fandrosoana amin'izao fotoana izao, miandry ireo mpamatsy vola sy ny masomboly no sisa dia hatomboka ny asa. Tany mirefy 10ha no homena ireto tantsaha ireto ka tokantrano miisa 22 no mpikambana ao anatiny. Fambolena maro no hatao amin'izany, ka isan'izany ny fambolena vilon'omby, ny katsaka, soja, ovy. Teto ihany koa dia nanamafy ny avy ao amin'ny Faritra fa vonona ihany koa amin'ny fiaraha-miasa indrindra amin'ny fanampiana ny fikambanana amin'ny fanatontosana ny mahakasika ny tetikasa satria misy ny olona afaka manampy eto amin'ny Faritra. Nandritra izao ihany koa no nanambarana ny tale miadidy ny lafitany eto anivon'ny Faritra fa izy ireo no mpiahy ny kaominina Ibity amin'ny tetikasa ZIA. Marina tokoa fa efa manakaiky ny fotoam-pambolena ka nisy fifametrahana teo amin'ny tantsaha sy ny mpiara-miombonantoka rehetra. Matotra ny fiaraha-miasa eo amin'ny samy fikambanana indrindra fa eo amin'ny fikambanana Fafiala sy Fandrosoana satria dia mifameno tokoa izy ireo amin'ny fanatanterahana ny asa rehetra. Marihana fa ny tetikasa Casef no hamatsy vola ireto tantsaha ireto ary indrindra ny fanarahamaso ny ara-teknika.

***Lezama***

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

BEHARO

**N° 258**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady


### Valiny Teny Tondro (0257)

***Mitsivalana***
- Katolika
- An
- Randrana
- Anarana
- Neny – Aty
- Asa – Tafa (Miv)
- OM – OI

***Mitsangana***
- Korana
- Tsena (Miv)
- Tanàna
- Ondry
- Rà – Ma (Miv)
- Fanahy (Miv)
- Natao
- Ala – Ity

## TENY MIFANAPAKA

**N° 258**




**Mitsivalana**

**1.** Varatra – Menaka (BR) **2.** Atokisana **3.** Kere – Litera efatra mifanarakaraka **4.** Fihaonana an-databatra boribory **5.** Tononandro **6.** Eka – Ao avaratra andrefana ao **7.** Fitaovana fanjairana (Miv) – Enti-milaza **8.** Taperiko (Miv) – Mari-pahaizana **9.** Mampisafidy – Sotrako (Miv) **10.** Tao – Eo amin'ny vatana

**Mitsangana**

**A.** Fitaovam-pifandraisana – Reraka **B.** Mikoriana ao anaty (Miv) – Piso **D.** Efa antitra **E.** Nanaraka ako sy feo **F.** Antsoantso – Ranobe midadasika **G.** Ao anaty rano – Tanàna iray any Antsinanana **H.** Tsofoka – Teny miangavy (Miv) – Lalam-pirenena **I.** Tanàna masina (Miv) – Tovovavy tena Malagasy **J.** Inona – Nivolana (Miv) **K.** Rova – Tovona (Miv) – Mitempo

### Valiny Teny mifanaraka 0257

***Mitsivalana***

1 Diavolana **2.** Toa - IV **3.** Varavarana **4.** Potika (Miv) - Lav(a) **5.** (L)ioka - Ota **6.** Ravinala **7.** AA - Goavy **8.** Ia - Hoy **9.** Saina (Miv) - Tany **10.** Toamasina

***Mitsangana***

**A.** Divay - Tara (Miv) **B.** Akora - No **D.** Atrika - Gia **E.** Voatavo - Ma (Miv) **F.** Ovao (Miv) - Isa **G.** Aponga **H.** Roa (Miv) - Tao - Ti **I.** Nahalala (Miv) **J.** Aina - Avana **K.** Vavy - YYY


FARADOBOKA
sabotsy 2018
03 novambra
manomboka amin'ny 12 ora tolak'andro
Kianjabe Mahamasina
Ambondrona Bodo Chantal Mijah Marion
Alson Rahckiki Shayron Ariane Sylange Kilalaka
sy artista maro hafa
ambianceur : Oblack animateur : Mija MBS
Ho avy ao ny Filoha
Marc RAVALOMANANA
TONGAVA
MIFIDY
25
I DADA YOU
FIDIO
25